# NY TENY SY NY LITERATIORA EO ANIVON'NY AKADEMIAM-PIRENENA MALAGASY

Resadresaka nifanaovana tamin' Andriamatoa **RAJAONA ANDRIAMANANJARA,** Filohan'ny Akademiam-pirenena Malagasy am-perinasa
(*nanomboka tamin'ny taona 2002*).



***Amin'ny maha Filohan'ny Akademiam-pirenena anao, aiza ho aiza ny fahatsapanao ny literatiora malagasy ankehitriny?***

Ny ato amin'ny Akademia tokoa moa dia anisan'ny mametraka ho asa aman-draharaha ny fandinihana ny literatiora, fa ny sokajy tena misahana izany dia ny Sokajy voalohany izay antsoina hoe: Sokajy ***Haikanto sy Hailaza***, ka ao anatin'ny Hailaza izay ahitana ny teny hoe laza: ny laza an-teny sy ny laza an-tsoratra, no manome vahana izany literatiora izany. Ho antsika Malagasy manokana dia samy manan-danja na ny am-bava na ny an-tsoratra. Maro ireo mpikambana ato amin'ny akademia no mikirakira sy mandinika izany, nisy ny efa nodimandry toa an-dry Georges Andriamanantena, ary misy koa ny mbola velona tena am-perinasa ankehitriny. Ny tsikaritro dia maro ny tanora amin'izao fotoana no mirotsaka an-tsehatra amin'ny fampiasana izany literatiora izany. Ao ny efa malama, ao ny maisamaisatra fa tsy maninona izany, ny zava-dehibe dia ny fiezahana.

Ny literatiora eto amintsika, raha ny hita ankehitriny, dia ahitana ny Kabary sy ny Soramirindra (tononkalo, tononkira, tantara, …). Raha izay boky nivoaka hatramin'izay naha Filohan'ny akademia ahy izay dia maro. Ao ny matevina, ao ny manify, ary hitantsika koa ireny mivoaka an-gazety ireny. Amiko dia mahavelom-bolo amin'ny ho avin'ny literatiora malagasy avokoa izany. Mahita ireny aho dia mihevitra fa tsy ho faty maso akory ny teny malagasy raha izao no mitohy, na dia maro aza ny "fanosika" avy any ivelany, izaho tsy hilaza hoe: "fanafihana", fa "fanosika" miady sisiny mitady haka toerana. Ka tsy mampatahotra satria maro ny tanora mirotsaka an-tsehatra ary eo ihany koa ny fahasahiana hifanandrina amin'ny avy any ivelany.

Raha ny fahatsapako dia anisan'ny sehatra mandroso ny fandalana ny hakanton'ny teny malagasy, na an-tsoratra io na an-teny. Teo aloha dia somary niahotra ihany aho raha nandre tanora mikabary, hoy aho tany an-tsaina tany hoe: tena manao tsianjery fotsiny ireto ankizy ireto. Kanjo rehefa nihaino ny sasantsasany taminareo Mpikabary aho dia nahatsapa fa misy famoronana mahafinaritra mifanaraka amin'ny toetr'andro ao anatin'ireny Kabary ireny ka nahasondriana aoka izany ary indrindra mbola voatana ilay fototra maha kabary dia ny fampitan-kafatra izany.

***Misy sokajy misahana izay Hailaza izay eto amin'ny Akademia, hoy ianao teo; mitaha amin'ny sokajy hafa: manan-danja sa kely lanja sa miralanja eo anatrehan'ireo sokajy hafa ny sokajy mikirakira ny teny sy ny literatiora?***

Mety misy ihany ny hoe sakamalaho sy havozo ka samy manana ny hanitra ho azy ireo sokajy samy hafa ato amin'ny Akademia . Ny tiako homarihina aloha dia ny teny malagasy no teny ampiasaina ato amin'ny Akademia, fa tsy misakana ary afaka manampy eo amin'ny fomba faneho ihany koa ny teny frantsay sy ny teny anglisy.

Feno 110 taona ny taona 2012 ny Akademia Malagasy. Raha 15 taona lasa izay, 10% raha be indrindra ny velakevitra natao tato tamin'ny teny malagasy. Amin'izao fotoana izao dia efa maherin'ny ampahatelony ny amin'ny teny malagasy satria nisy ezaka be natao. Ny sokajy telo hafa moa ankoatra ny ***Haikanto sy Hailaza*** dia eo ny sokajy faharoa ***Haifombafiaina sy fitondra***, ny sokajy fahatelo ***Hairaha fototra,*** ny sokajy fahefatra: ***Hairaha ampiharina***. Matetika dia sarotsarotra ho an'ireo sokajy telo hafa ireo ny famehezany ny fomba filaza ho amin'ny teny malagasy. Ny ato amin'ny Akademia anefa dia mifanampy, ka izany fifanampiana izany no hahafahan'ny sokajy hafa maneho ny heviny ho amin'ny teny malagasy ihany koa.

Araka izany dia fanomezan-danja ny maha Akademia no asa ilofosana ato fa tsy misy maivan-danja na mavesa-danja: miara-mikaroka sy miara-miasa , mifameno ary afaka mifanampy ny rehetra. Miara-miasa ny rehetra rehefa misy ezaka iarahana, ohatra raha nandrafitra ilay boky " Rakibolana miraki-pahalalana" dia samy nandray anjara ny sokajy rehetra. Teo ihany koa, ohatra, ny fiaraha-manandratra ny "iray volan'ny teny malagasy" isan-taona, fa na dia anisan'ny antom-pisian'ny akademia aza ny hampandroso fahalalana an'i Madagasikara eo amin'ny lafiny hairaha, ny Teny ampiasaina enti-mampita kosa dia ny Teny malagasy hatrany ary velona hatrany, hotenenin'ny tanora hatrany, na dia afaka zato taona aza.

***Ho an'iza ny asa kirakirain'ny Akademia? Ohatra, raha mamoaka voka-pikarohana na boky ianareo, mamoaka ireny "bulletin de l'académie" ireny, mipariaka hatraiza?***



Ny taona 2002 no nankalazana ny faha 100 taonan'ny Akademia. Maro ny fanamby napetraka tamin'izany, ary anisany ny fanavaozana ny lapan'ny Akademia, dia izao an-dalana iarahantsika mahita izao. Navaozina ihany koa ny tanjona, dia ny hoe: **Akademia mahomby - Akademia mahasoa**. Hisy fiantraikany ho an'ny Mpahay eo amin'ny sehatra iray ary indrindra ho an'ny be sy ny maro ny asan'ny Akademia. Miparitaka sy mipariaka ho an'ny be sy ny maro araka izany ny asan'ny Akademia ary anisan'ny zava-kendrena ihany koa amin'izao fotoana ny hamoahana Gazetin'ny Akademia, hitarina mandrakariva ny isan'ny olona mandray voka-tsoa avy ato.

***Manao ahoana ny fifandraisan'ny Akademia amin'ireo fikambanana na vondrona mikirakira ny teny sy ny literatiora***?

Maro ny fikambanana eto amintsika. Fa eo amin'ny fifandraisana dia misy ny mifandray mivantana satria ny Akademia dia manana sampana maromaro izay eo ambany fiahiany. Araka ny satan'ny Akademia dia afaka miahy fikambanana na tsangan'asa samihafa izy. Ohatra tonga ato an-tsaiko izao ny “Académie de médecine” , araka ny fangatahany. Ankoatra izay dia manana Foibe isan-karazany ny ato amin'ny Akademia, 4 izy amin'izao fotoana izao, anisan'izany ohatra ny “Foibe momba ny teny” izay rantsana ato amin'ny Akademia, izy no nisahana iny boky “ Rakibolana miraki-pahalalana” iny.
Ankoatra izay, mifandray ihany koa amin'ny Fikambanana toy ny Havàtsa Upem, ny Fikambanan'ny Mpikabary... maromaro amin'ny olona anatin'ireny fikambanana ireny no noraisinay ho mpikambana mahefa ato, tsy hotononiko sao misy hadino.

***Araka ny hevitrao anisany mampandroso ve ny “fiondanana” amin'ny teny sy ny literatiora ho an'ny Malagasy?***

Mino tena mino aho fa fitaovana mampandroso ary tokony ho fitaovana imasoana amin'ny fampandrosoana ny Teny malagasy. Satria izao no tsapako, misy teny sy hevitra maro miraondraona entin'ny avy any ivelany, revo amin'iny isika fa tsy azontsika akory izay tena votoatiny. Dia inona moa fa tsy toy ny raviravy natentina fotsiny fa tsy latsa-paka? Koa izay no maha zava-dehibe ny fisian'ireny Boky sy Revio isan-karazany navoakanareo Poety Mpanoratra ireny, satria angamba tsy hampidera talenta ianareo fa ny talentanareo ange efa fantatra e, fa heverina ho fitaovam-piasana hanabeazana ny tanora sy ny olon-dehibe ny famokarana soratra toy izany.

Raha mijery Dokambarotra isika, ohatra, zavatra fohy nefa manome hafatra lehibe no ampitainy; ka raha vitantsika toy izany ny Soatoavina malagasy, teny voalanjalanja tsara, teny fohy nefa manaitra dia moramora kokoa ho an'ny olona ny mandray ary dia horaisiny ho Fitaovam-pampandrosoana.

***Ny hafatra tianao hampitaina eto am-pamaranana?***

Miatrika fihantsiana mafimafy ny Teny malagasy ankehitriny. Ho anareo efa mahay, aza tebahina loatra ireo izay tsy mahafehy tsara ny teny malagasy, avelao aloha ny olona hanandrana hiteny vao hahitsy; fa ny tahotra ao anatin'ny olona tsy mahay eo anatrehan'ny olona mahay dia sakana tsy hahafahany mandroso. Rehefa mampiasa ny teny malagasy ny

olona dia tokony hampirisihana fa tsy sakanana tsy hiteny satria hoe mandiso. Ary ho an'ny ato amin'ny Akademia manokana dia efa raisiko ho zava-dehibe ny fitenenana sy fampiasan'ny olona ny Teny malagasy.



Misaotra indrindra tamin'ireo fanontaniana fa mba nahafahana namoaka ny eritreritra ary mahavità be amin'ny asa iantsorohanareo ihany koa ianareo.

Ny nanao ny fanadihadiana: ***Hajaina***



**ANDRIANASOLO Hajaina**

*Mpikambana ao amin'ny Akademiam-pirenena Malagasy - Mpanoratra - Mpikabary*